# Mofonaina 22 Aogositra 2024 – Matio 5.13-16

Mt 5:13-16

**Fanondroana sy fanendrena no ataon'i Jesoa amin'izao ampahan'ny Toriteniny izao.**
**Manamasina ny tenany ny mpino**

1. **Voatondron'i Jesoa ho fahazavana ny mpino**
   "Hianareo no fahazavan'izao tontolo izao" (Mt 5.14a).
   - Ireo mpianatra nanatona akaiky Azy no tondroin'ny Tompo eto (Mt 5. 1).
   - Ny fanatonana akaiky ny Tompo no antom-pahamasinana.
   - Hitan'ny Tompo ny finiavanao hanatona sy hihaino Azy ary dia tondroiny ianao ka lazainy hoe "Fahazavan'izao tontolo izao."
2. **Voatendrin'i Jesoa ho fahazavana ny mpino**
   "Aoka hazava eo imason'ny olona toy izany koa ny fahazavanareo hahitany ny asa soa ataonareo…" (Mt 5.16a).
   - Tsy mihiboka ao amin'ny fahamasinany ny mpino fa tendrena haneho izany fahamasinany izany eny amin'izao tontolo izao.
   - Fandraisana ny fahamasinana enti-miaina ny fanatonana ny Tompo.
   - Ny olona manamasina ny tenany dia tendrena hanamasina ny fiaraha-monina indrindra koa amin'ny asa ataony.

## FEHINY

Ianao no tondroin'ny Tompo ho fahazavana: **Mihazavà**

Ianao no tendren'ny Tompo ho fahazavana: **Miasà**

**Ho an'Andriamanitra irery ny voninahitra**
**Amena.**
**Manonona ny Fahasoavan'ny Tompo. (MFT)**